Aza Manaiky ho Voafitaky ny Anjely Ratsy Toetra!

Toromarika: Tsara raha amin'ny toerana mangina ianao no mamaky ny andinin-teny eto ambany. Alao sary an-tsaina ilay tantara. Ataovy toy ny hoe teo mihitsy ianao, ka renao ny feo manodidina sy ny olona miteny, ary tsapanao ny fihetseham-pon'ireo olona asongadina ao.

❶ ***ALAO SARY AN-TSAINA ILAY TANTARA.—VAKIO NY GENESISY 6:1-6; ASAN' NY APOSTOLY 19:11-20.***

Hoatran'ny ahoana ny paozipaozin'ny Nefilima, araka ny hevitrao?_____

Nanao ahoana ireo lehilahy tantaraina ao amin'ny Asan'ny Apostoly 19:13-16, rehefa nampijalin'ny demonia? Nety hoe natahotra ve ry zareo, sa ahoana?_____

❷ ***FAKAFAKAO ILAY TANTARA.***

Manaova fikarohana ao amin'izay boky ara-baiboly anananao, ka fantaro bebe kokoa ny momba ny Nefilima. Nahoana, ohatra, izy ireo no nahery setra?_____

Nahoana no lazaina fa "nandao ny fonenana sahaza azy" ny demonia? (Vakio ny Joda 6.) Ary nahoana no tsy mety sady vetaveta mihitsy aza izany hoe anjely manambady olombelona izany?_____

Inona tamin'ilay tantara novakinao teo no manaporofo fa tena vetaveta sy mahery setra be ny demonia?_____

3 *AMPIHARO IZAY NIANARANAO. SORATY ETO IZAY NIANARANAO MOMBA NY HOE...*

Inona no zavatra nataon'ny demonia, ka manaporofo fa ratsy saina sy tia tena ry zareo?

_____

_____

_____

FAMPIHARANA HAFA.

Mbola mitarika *anao* hanao zava-dratsy ny anjely, na dia tsy afaka miova ho olona intsony aza. Inona ny tetika ampiasainy, araka ny hevitrao?

_____

_____

_____

Be dia be ny fialam-boly mahatonga ny olona ho tia zava-dratsy sy ho ratsy saina toy ny demonia. Inona avy izany? _____

_____

_____

Inona no hataonao mba tsy ho voafitaky ny demonia mihitsy ianao? (*Vakio indray ny Asan'ny Apostoly 19:18, 19.*)

_____

_____

_____

4 *INONA NO TENA NAHALIANA ANAO TAMIN' IREO TANTARA IREO, ARY NAHOANA?*

_____

_____

_____



www.jw.org © 2012 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania